Vaovao SAHAZA

Gazety PASAN - SAHAZA May 2023 Laharana faha - 19

« NDAO ISIKA HIHAINA ANATY NY FAHADIOVANA E ! »

Ny fanjariantsakafo, ny fahasalamana, sy ny fitandrovana ny fahadiovana dia tsy afa-misaraka. Ankehitriny, efa maro ny valan'aretina miparitaka. Saika isan-taona dia misy volana maromaro foana tsy maintsy miatrika ny pesta ny toerana maro eto amin'ny faritra. Rehefa misy ihany koa ny loza voajanahary toy ny rivodoza na tondra-drano dia manaraka azy ao aoriana koa ny « choléra ». Vao tsy ela koa izay dia nanao famendrahana tany amin'ny kaominina iray eto amin'ny faritra Itasy ny Fitaleovam-paritry ny Rano, Fanadiovana, sy Fidiovana (DREAH) satria namely mafy ny kongona ao amin' io toerana io, ary tsy maintsy natao izany satria mijaly ny mponina ao. Ny toe-java-misy toy izany dia manelingelina ny andavanandrontsika satria lasa misy fiantraikany mivantana amin'ny fiainan'ny tsirairay ary mety mampihena ny famokarana na mampitombo ny vola mivoaka. Izany indrindra no mahatonga anay manentana mikasika io fahadiovana io.

Tsy sarotra izany hoe mitandro ny fahadiovana izany fa mila fahazarana fotsiny. Ary mila atomboka amin'ny tena aloha, avy eo ampitaina sy atoro ho an'ny hafa: ny fahadiovan'ny tanana, ny fahadiovan'ny vatana. Mila tandrovana miaraka amin'ny fahadiovan'ny vatana ihany koa ny fahadiovan'ny zavatra rehetra miditra ao am-bava. Ary mihitatra manaraka izany ny fahadiovan'ny tokantrano, sy ny fahadiovan'ny manodidina ny tokantrano. Raha samy mitandrina izany rehetra izany ny isan-tokantrano dia manaraka ho azy ny fahadiovana eo anivon'ny fiaraha-monina satria avy amin'ny ezaky ny tsirairay ao an-tokantrano no ahatongavana amin'ny fahadiovana tanteraka eo amin'ny fiaraha-monina.

Tsy misy olona tia mihaina anaty loto fa matoa misy ny loto dia fahazaran-dratsy no nahatonga izany. Ny fahazarana tsara anefa, toy ny fahazarana manasa tanana rehefa avy any an-kabone sy alohan'ny hisakafo…, dia mila ianarana sy volena mba ho lasa fihetsika raiki-tampisaka amin'ny tena. Rehefa tafalatsaka ao amintsika ilay « fahazarana tsara » dia tsy mety intsony ny saintsika sy ny vatantsika raha tsy manaraka ireo fahazarana ireo. Miteraka hafaliam-po ary indrindra indrindra fahasalamana io fahazarana tsara amin'ny fitandrovana ny fahadiovana io, koa tsara raha atomboka dieny izao ho anao, ho an'ny tokantranonao ary avy eo ho an'ny hafa izany. Raha izany rehetra izany moa no tombontsoa mety ho azo amin'ny fitandrovana ny fahadiovana koa « ndao ary isika hihaina anaty fahadiovana e ! »

Izay ary ny hafatra fohy avy amin'ny talen'ny Fitaleovam-paritry ny Rano, Fanadiovana, sy Fidiovana ao amin'ny faritra Itasy : Andriamatoa RAKOTONIAINA José Fulgence

PASAN-SAHAZA : FANADIHADIANA AMIN'NY ATSASA-DALANA

Mba hanombanana ny fiantraikan'ireo hetsika natao hanatsarana ny fanjariantsakafo eo amin'ireo fokontany iasany, taorian'ny fanadihadiana voalohany (fanadihadiana ifotony) natao teo amin'ireo mpisitraky ny fampiofanana dingana faharoan'ny tetikasa ny taona 2021, dia nisy fanadihadiana amin'ny atsasa-dalana nataon'ny PASAN-SAHAZA teo amin'ireo mpisitraka ireo ihany, nandritra ny volana Janoary ka hatramin'ny volana Martsa 2023.

Noho izany, mba hanombanana ny fivoaran'izy ireo, dia misy ny fijerena halava, lanja , fangalana refitsandry… natao tamin'ireo reny sy zaza latsaky ny 02 taona, nandritra ity fanadihadiana faharoa ity. Nisy ihany koa ny tafatafa sy dinidinika niarahana tamin'ireo reny ireo, izay nentina nametrahana fanontaniana azy ireo mikasika ny fanjariantsakafo, ny fahasalamana, ny fambolena, ny rano, fanadiovana sy fidiovana, mba handrefesana ireo tondro izay mety hisy fiantraikany amin'ny fanatsarana ny sakafo ao an-tokantrano.

Ireto ary ny ampahan'ny vokatra azo avy amin'izany fanadihadiana izany. Ita amin'ny ankamaroan'ireo tondro ireo fa misy fiovana tsara raha oarina amin'ny vokatra azo avy amin'ny fanadihadiana fototra.

Valin'ny fanadihadiana amin'ny atsasa-dalana

Tondro refy PDM ho an'ny fampiofanana ny mpampiofana (ToT)	Fanadihadiana ifotony	Fanadihadiana amin'ny atsasa-dalana
2) (A) Tahan'ny ankizy 6 ka hatramin'ny 23 volana mihinana farafahakeliny 5 amin'ireo vondron-tsakafo 8 isan'andro (cf. MICS 2018) **(Fanovaovana kely indrindra ny sakafo)**	22%	27%
2) (B) Ny tahan'ny ankizy 6-23 volana mahazo ny isa kely indrindra amin'ny sakafo mafy / voapotsitra mifandray amin'ny sokajin-taonany **(Atetika kely indrindra ny sakafo oanina)**	55%	86%
2-1 Teo anelanelan'ny taona 2021 sy 2023, nitombo ny isan'ireo tokantrano nanaovana fanadihadiana tao amin'ny "fokontany purs" izay nihinana vokatra avy amin'ny fambolena (anisan'izany ny voamaina manankarena proteinina) izay novokarin'izy ireo.	39%	60%
2-2 (Sakafo sy fanjariantsakafo) Eo anelanelan'ny taona 2021 sy 2023, maro kokoa ireo tokantrano nanaovana fanadihadiana no handray fepetra mifandraika amin'ny sakafo hoanina mba hanatsarana ny satan'ny fanjariantsakafo ho an'ireo olona ao an-tokantrano.	69%	85%
2-3 Ny tahan'ny tokantrano izay manome fatra na sakafo tokony hohanin'ny zaza 6 ka hatramin'ny 23 volana miaraka amin'ny vilia iray sy sotro mifanaraka amin'ny taona isaky ny misakafo.	5%	11%

Valin'ny fanadihadiana amin'ny atsasa-dalana

3-1 Ny isan'ireo tokantrano nanaovana fanadihadiana nandray fepetra eo amin'ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana mifanaraka dia mitombo eo anelanelan'ny taona 2021 sy 2023.

Fepetra ilaina mikasika ny Rano, Fanadiovana sy Fidiovana	Fanadihadiana ifotony	Fanadihadiana amin'ny atsasa-dalana
(a) Manàna toerana fanasan-tanana eo amin'ny toerana misy azy ireo ary mampiasà fitaovana fanasan-tanana, toy ny tippy-tap.	56%	77%
(b) Mampiasa savony sy/na lavenona foana rehefa manasa tanana.	21%	32%
(c) Mitazona fitoeran-drano madio sy azo antoka.	62%	63%
(d) Manadio ny rano fisotrony, mba hahatonga izany ho azo antoka kokoa.	58%	73%
(e) Manamora ny fanasana ny gorodon'ny kabone (San-plat, sns.)	15%	13%
(f) Manasaraka ny toerana ho an'ny biby fiompy amin'ny toerana hipetrahan'ny olona.	78%	79%

Pour toute requête, venez nous visiter à l'ONN Anosy, ou écrivez-nous à l'adresse e-mail : pasan.sahaza@gmail.com

Tetibolan-tokantrano ho an'ny sakafo



Ny"Food tracking", dia afahan'ireo tokantrano :

- ❖ Mahita raha voalanjalanja na tsia ny sakafo hoaniny
- ❖ Mahita hoe inona no sokajin-tsakafo tsy ampy ary tokony ho fenoiny ahazoany sakafo voalanjalanja



Mampihena ny fandaniana/vola mivoaka

Ny fandaniana na vola mivoaka dia fitambaran'ny vola lany ampiasain'ny ao an-tokantrano.

Ny **vola mivoaka** dia tokony **mihoatra/mitovy** amin'ny **vola miditra**

Mampitombo ny vola miditra

Ny vola miditra dia izay vola azon'ny tokantrano : tombom-barotra azo avy amin'ny fivarotana vokatra (fambolena, fiompiana…), karama isan-karazany, ireo fidiram-bola hafa ao an-tokantrano.

Voly an-jaridaina
(Mamokatra mba ihinana)

+

Fambolena mifantoka amin'ny tsena
(Mamokatra mba hivarotra)

Mba ahazoana vokatra tsara kokoa, tsara kokoa ny manambatra ireo vahaolana roa ireo

Pour toute requête, venez nous visiter à l'ONN Anosy, ou écrivez-nous à l'adresse e-mail : pasan.sahaza@gmail.com